# [Deux articles: Calamus et Walt Whitman]

**Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph**

## Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

2 Fichier(s)

## Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, [Deux articles: Calamus et Walt Whitman]

1932-03-07

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 03/02/2026 sur la plate-forme EMAN :
https://eman-archives.org/francophone/items/show/1973

Copier

## Description & analyse

Éditeur(s) de la fiche

- Jar Luce, Xavier (13-07-2015)
- Resztak, Karolina

RévisionJar Luce, Xavier (13-07-2015)

## Informations générales

LangueMalgache
Cote

- MS1.CALA
- NUM ETU MAN1 Calamus

Nature du documentManuscrit
Collation4 (f.) ; 135 x 210 (mm)
État général du documentMoyen

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/1973?context=pdf

Localisation du documentFonds Rabearivelo,
Institut Français,
14 avenue de l'Indépendance,
101 Antananarivo
Madagascar

## Présentation

Date1932-03-07
GenrePresse (Article rédigé par l’auteur)
Mentions légalesConsultable sur internet. Copie et impression interdites.
Consultation possible de l'original à l'Institut Français d'Antananarivo.
Contact : brakotomanga@gmail.com
Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)
Nombre de pages4 (f.) ; 135 x 210 (mm)
Notice créée par Richard Walter Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 16/09/2025

---

1

# I

Hianao va no olom-baovao voasintona hanatona aho?
Fantaro dieny izao vao manomboka izao, fa tany
tsy hitovy amin' izay eritreretinao aho;
Inoanao ve fa ho-hitanao amiko ny zavatra irinao?
Inoanao ve fa mora ny hahatongavako ho sakaizanao,
Inoanao ve fa hanome hafaliana tsy misy fangarony
anao ny fitiavako?
Inoanao ve fa marina sady mahatoky aho?
Tsy mahita zavatra ankoatr' izao miseho izao, sy ankoatr' izao
fombany moraina sy mandrefitra ananako izao va hianao?
Mihevi-tena ho mamindra eo ambony tany
marina, hanatona olona tena mahery fo va hianao?
Tsy mba nohevitreverinao akory va, sy be faniriana,
fa mety tsy ho inona afa-tsy nofinofy manodoka,
fotsiny izany rehetra izany?

---

# II

Tsy inona akory ireto fa fakany sy ravin' fotsiny,
Nofo-manitra rehetra avy any an' ala sy tany amoron-
parihy manirery ho an' ny lehilahy sy ny vehivavy.
Rantsan-Kazo ampofoina, fikam-pitiavana, rantsan-
tanana mamihina madinika mihoatra noho ny voalohoka,
Sampako nijololoatra avy ao an-tenon' ny voarona
afenin' ny ravinkazo anakaraka ny fipoitran' ny masoandro,
Rivodrivo-tanety amam-fitiavana mainga avy tany
amin' ny valam-farihin' ny velona, hankany aminao,
eny ambony ranomasina velona, ry mpiantsambo!
Helo-dranomasina malemin' ny oramfanala miraingana
sy ny sampakka madinika ny volana Maro, mitoletra
raha vao teraka ho an' ny [illegible]-tanora mikoriana
eny an-tsaha raha vao mihalefy ny ririnina,

2/ Tsimo-kazomanga — pitiavana manoloana anao, ary eo anatrinao, na iza hianao na iza.
Tsimokazo fiavakifelana tsy ny isan' andro,
Raha toa hianao mamomba azy ny hafanan' ny
masoandro, dia hivakifelana izy ary hitondra tarehy
sy endrika ary hanitra ho anao,
Ary raha zary tsiro sy ando hianao, izy koa ho zary
voninkazo sy voankazo, sampana avo ary hazo maro.

CALAMUS

# III

Salinao va ankelohim-ny fanahiko
Ny hamindra hiaraka amiko ho any amin' ila, faritany tsy fantatra,
Izay tsy misy tany hitsahina na lalana-komban' akory?

Tsy misy oaritany na mpanoro lalana
Na akom-peo na fikasihantanan' olombelona
Na tarehy misy nofo mifelana, na molotra, na
maso misy eto an-tany eto.

Tsy fantatro izy, ry fanahiko
Na hianao koa izay — zavatra foana no eo anoloantsika
Tany tsy taka-nofy akoa ny momba io faritany io, sy
tany tsy azo antsoanana io.

~~Hatramin' ny fotoana ifalalan' ny fatorana indray~~ — hialan' ny fatorana vone
Handrava —
Ny fatorana rehetra, afa-tsy ireo mandrakizay, dia ny fotana
sy ny Habakabaka
Rahefa tsy voafehin' ny aizina sy ny rahantany ary
ny fahatsiarovana na zavatra hafa intsony isika
Dia hisondrotra ary hievaeva
Ary anatin' ny fotoana sy ny Habakabaka isika
ry fanahiko, ho azy
Mifanindry aminy, ary vonona (ô ny hafaliana! ô vô!

 katy ny zavatra rehetra ) mba hanatantosa azy i ny fanahiko !

7/3/32

7.3.32

# Walt Whitman

1819 - 1892

Manoloana aty mandrakariva, mifanteka amin' ny tavoliana ny rindrina manatrika ny latabatra fiasako, io misy sary iray. Lehilahy zokinjokiny iray no asehony; fotsy toy ny orampanala ny volony ary lava mifaoliaka toy ny ony an'ala. Mila feno volo toy izany ny tarehiny manontolo, afa-tsy ny masony malefaka nefa misintom-pijery; afa-tsy ny vavany koa, izay toa tsy natao afa-tsy ho mba noroka ny zavatsoa indrindra eto an-tany; ary afa nohamasim-kira mamelovelo tsy hita isa afa-tsy ny handriny koa, fazany, izay midadasika avo; toa te-hanohana lanitra na te-hanohana azy ...

Walt Whitman io: Amerikana teraka tamin' ny 1819, ary maty tamin' ny 1892. Mpisorona iray sa andriandahy lehibe? Mpando angano [illegible] mahavariana, sa olona efa hatahay mitantara? — Mpanao tononkira izy, ary isan' izay azo lazaina ho mahavita fahagagana tamin' ny asany.

Iray amin' izay lehibe indrindra vita teto an-tany; ireo asany Ravin' ahitra no nataony anarany mitambatra; nefa ravin' ahitra mifamatotra amin' ny fasika ery amoron-dranomasina, ary ravin' ahitra manafina boankazo masaka ... mitafinaritra mitovy isa aminy.

Efa hitanao amin' ny fahavelony, ary vao tamin' izy vao nanomboka aza, no efa nosaritahin' ny fanarahana olona ny hirany: [ Tsy azo, hono, izay lazainy! ...

Moa efa nisy nahazo izay lazain' ny mpaminany miarabelona amin' ny tena ve? Ary moa koa

 va misy mpaminany masina an-taniny ?

Mpaminany i Walt Whitman. Ny ohatrohany, ny fahitany, ny fanambarany an' ireny — tsy hitako izay lasaka amin' ny Apokalypsy:

Tantany toa izany tsy fahazoan' ny vehivavy azy izany, ka hoy izy indray andro:

" Tsy fantatrao firy izay izaho, na izay ambarako,
Nefa, na izany aza, dia ho fahasalamana ho anao aho,
Ary hanadio sy hanatanjaka ny ranao.
Na tsy azonao takarina indray mihalatsaka aho,
dia aza mbola manary toky;
Raha tsy hitanao amin' ny toerana iray aho, tadiavo amin' ny toerana hafa:
Mijanona miandry anao any ho any aho..."

Mijanona miandry antsika any ho any izy ...

Moa efa nisy nahita sy nahatratra azy va ?

Eny, indrindra tany Frantsa, tao amin' ny antokom-panao tononkira atao hoe: Abbaye, izay nianaran' ny filoham-panoratra sasany ankehitriny, toa an-dry Jules Romains, Charles Vildrac, René Arcos — ary H. Robert Boudry eto amintsika sy nanoratra an' ity.

Izay no ela, fa indreto ravin' ahitra tele kely nalaina ho anao.

Mazava ho azy ny voalohany. Fa ny faharoa izay mampahatsiahy anay ny famindran' ny Matio XI - 7 - 11 — izay toa tena ohatrohatra nentiny milaza ny fiheverany ny tononkira. Ny fahatelo fa ny koa, milaza ny tebitebin' ny nofo miresaka fahafatesana amin' ny fanahy ...

J.-J. R. 7/3/32

Rimbaud no haseho amin' ny ho avy.